

AMBOHIMALAZA

# ANKIZIVAVY TSY HITA 3 ANDRO NENTIN'NY TOVOLAHY NITSOAKA

4

# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7841 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Talata 09 april 2024

## CHRISTINE RAZANAMASOAHOA

6

# KANDIDA DEPIOTE ANY AMBATO-FINANDRAHANA



## ZANDARIMARIAM-PIRENENA

11

# MAFY NY PAIKADY HAMETRAHANA FANDRIAMPAHALEMANA MAHARITRA

## MARINA IZANY !

6

# AHIAHY SY FINGAMPINGANA !

## PASI PASI

9

## RASOLOFOSON HERIZO THIERRY



# AO ANATIN'NY RAN'IZY MIANAKAVY NY SPAORO

## FANATERANA DOSIE

7

# NANDRAY FEPETRA MANOKANA NY CENI

## RAVELOTODY HERISOA

5

# "AZON'NY VEHIVAVY HATAO NY ASAN'NY MPAMONJY VOINA"

## Tafa...sika

2

## MAMS EVENT



# "8 VOLANA NO NANOMANANA NY "TSIKA JIABY"

# Telma

# Sois GIGA STYLE



# Net 4,5<sup>GO</sup>

MONTH 25 000  
25 000 Ar TTC | Tapez le #322\*8#

Offre valable 30 jours

RÉSEAU MOBILE LE PLUS RAPIDE DE MADAGASCAR



GCL 800/25-7

## Mampifandray @ireo havanao maneran-tany

Mandraisa vola avy any ivelany ao @compte MVola

0€ ny saran'ny fandefasana vola @ Orange Money Europe

code promo : MVOLA


# MVola

GCL 801/13-3

# Tafa...sika

Mamy Rakotoseheno (Mams Events)

## "Valo volana no nanomanana ny festival Tsika Jiaby"



**-Gazetiko :** Ianareo no mpikarakara ny festival « Tsika jiaby ». Inona ny lalantsaina nahatonga anareo hikarakara io hetsika io ? Antony nisafidianana ilay anarana ? Efa mpikarakara hetsika ve ianareo ?

**Mamy Rakotoseheno :** « Izaho Mamy Rakotoseheno no mpitantana ny orinasa Mams Events Mpikarakara hetsika toa ny fampisehoana aty Eropa sy iraisam-pirenena mihitsy. Efa nikarakara Ambondrona sy Lolo tao amin'ny efitrano malaza La Cigale Parisy ary ny fampisehoana fankalazana ny 90 taonan'i Henri Ratsimbazafy tao amin'ny Théâtre Longjumeau.

Rehefa mahita ny fanaon'ny vazaha manao festival aty ivelany dia mitsiriritra fotsiny ary tonga saina hoe maninona moa no tsy hanaovana izany ? Mba ny vazaha indray no mitsiriritra antsika satria isika manana talenta sy kolontsaina tian'ny olona ihanykoa ».

**Gazetiko :** Hafiriana no nanomanana an'ity « Festival Tsika jiaby » ity ? Manao ahoana izany hoe mikarakara hetsika ivelan'i Madagasikara izany ? Manao ahoana ny fahazoan'ny mpanondray anjara ? Ny fandraisan'ny olon-tsotra azy ? Gasy sa vazaha no kendrenareo ho avy ?

**Mamy Rakotoseheno :** « Valo volana no nanomanana ny hetsika ary tsy moramora ny manomana azy satria hentitra ny kaominina sy ny prefektoria eo

amin'ny lafiny fandriampahalemana indrindra indrindra ny resaka fampiorohoroana. Sambany ary vao voalohan'ny teo amin'ny tantara ny hetsika aty ivelany ity festival Tsika jiaby ity. Tsika jiaby midika hoe isika rehetra tsy misy ankanavaka mivoy ny talenta sy ny kolontsaina malagasy ho an'izao tontolo izao. Na Malagasy na vazaha izay liana te hahafantatra bebe kokoa an'i Madagasikara.

Mazoto ny mpanondray anjara ary faly satria mbola tsy nisy hatramin'izay ity karakarinayity ; Tsy mora anefa ny mikarakara azy satria maro ireo olona, artista , mpitendry hafarana avy any Madagasikara ary tsy mora. Indrindra indrindra ny fikarakarana ny fahazoan-dalana (visa) sy ny tapakila andehanana fiaramanidina, sy ny maro tsy voatanisa ».

**Gazetiko :** Marobe ny artista nafarana avy aty Madagasikara. Manana mpanohana ve ianareo ? Manao ahoana ny fitadiavana mpanohana any andafy ? Mahaleo ny sarany veny vidiny ?

**Mamy R. :** « Manana mpanohana sy manampy izahay. Ary isaorana betsaka fa izahay ihany koa manana namana hafa manohana ara-bola. Ny antony, sarotra ary tsy mora mihitsy ny mitady vola hoentina mihe-tsika (fond) aty ampitandranomasina. Na izany aza, mila fanohanana any amin'ny mpanjifa hatrany

satria goavana loatra ny hetsika omaninay.

Mety hahaleo ny sarany ihany ny vidiny raha toa ka tratra ny tanjonay hoe mpijery 1 alina mandritra io telo andro io, izany hoe 3 arivo isan'andro ».

**Gazetiko :** Ohatrinona ny tetibola ilaina raha mikarakara seho tsotra mahazatra anareo ? Ary raha manomana hetsika goavana ohatran'io « Tsika jiaby » io ? Firy ny olona ahetsiky ny orinasa rehefa mikarakara hetsika ? Manana mpiasa manokana ve ianareo sa mpiasa tselika ? Firy ny olona andrasanareo mandritra ny 3 andro ?

**Mamy R :** « Arakaraka ny haben'ny hetsika atao ny tetibola ampiasaina. Ary miankina ihany koa hoe raha te hanao zavatra matihanina sy manara-dalana tsara ianao, tsy maintsy manomana tetibola 10 000 euros ka hatramin'ny 400 000 euros fa miankina amin'ny isan'ny artista sy ny olona ampiasaina.

Ny orinasa Mams Events, moa efa miara-miasa amin'ny orinasa matihanina maro mifandray amin'ny asa ataonay toa ny fanamafisam-peo, fitanteranasy nymarohafa.

Hatreto aloha 10 mianadahy izahay no tena manomana ny hetsika fa 200 no hiasa mandritra io festival « Tsika jiaby » io. Efa voalazako etsy ambony, manodidina ny iray alina ny olona andrasanay ao anatin'ny 3 andro ».

Dinika nifanaovan'i Fy

Wawa

## Fampisehoana indroa mifanesy any Nosy Be

Taorian'ny fampisehoana goavana roa sosona teto andrenivohitra tamin'ny alatsinain'ny paska teo. Ny iray tetsy amin'ny kianja Barea annexe Mahamasina ary ny faharoa teny amin'ny Club Nautique Ivato. Izay nitse-nan'ny tarika Wawa fahombiazana avokoa ireo seho roa ireo. Efa any Nosy Be Hell Ville, tanàna fonenany indray ny lehilahy ankehitriny. Fiakarana an-tsehatra roa sosona no hifanomezany fotoana ny mponin'i Nosy Be amin'ity faran'ny herinandro ity. Hetsika izay hoentiny hanome fahafaham-po ny mponina any an-toerana indray rehefa elaela tsy nihaona tamin'izy ireo : ny voalohany, hotanterahany ny zoma 12 aprily amin'ny 9 ora alina ao amin'ny Espace Tropical ao Hell-Ville. Ny faharoakosa, any Dzamandar, ao amin'ny efitrano malalak'i La Banane ny alin'ny sabotsy 13 aprily 2024 ihany.



Efa miandry fatratra an'i Wawa ny mponin'i Nosy Be.

Hanomboka amin'ny 9 ora alina hatrany ny fihaonan'ny mponin'i Nosy Be amin'ity kintan'ny salegy ity. Amin'ny ankapobeny, ireo vazony ny tarika tena nana-marika ny fiarahany tamin'ny mpankafy azy hatramin'izay no omeny sehatra. No ho ny

toerana somary mifanakaiky toy izao, ny mpankafy sy ny mpanakanto. Mifanakaiky fo kokoa ary afaka mifanatona sy mifampiresaka na miakatra sehatra mihitsy aza ny mpankafy rehefa misy irika hahafahana manao izany.

Fy

Extrait des Minutes  
du Greffe du Tribunal  
d'Ambatolampy  
AU NOM DU PEUPLE MALGACHE

REPOBLIKAN'NY MADAGASIKARA  
Fitjavana- Tanindrazana- Fandrosoana

TRIBUNAL DE PREMIERE  
INSTANCE AMBATOLAMPY

ORDONNANCE N°062

Nous, RAFALIMANANA Mahamenina, PRESIDENT DU TRIBUNAL DE PREMIERE INSTANCE D'AMBATOLAMPY, étant en notre Cabinet, sis au Palais de Justice de ladite Ville ;

Vu la requête ci- contre, les motifs y exposés et les pièces produites à l'appui ;

Ensemble les dispositions des articles 232 et suivants du Code de Procédure Civile ;

Vu le jugement civil n°91 du 02 avril 2018 rendu par le Tribunal de Première Instance d'Ambatolampy ;

Attendu que la requête paraît fondée ;

Qu'il y a lieu de donner acte à la demande de RAZAFINDRAMANGA Berthine et JEAN PIERRE Modeste, en ce qu'ils soient procédé à la publication au journal quotidien du dispositif dudit jugement civil ;

EN CONSEQUENCE,

Donnons acte à la demande de RAZAFINDRAMANGA Berthine et JEAN PIERRE Modeste à faire procéder à une publication au journal quotidien du dispositif du jugement civil n°91 du 02 avril 2018, qui a déclaré que RAZAFINDRAMANGA Berthine, JEAN PIERRE Modeste et RAZAFINDRABE Martine sont les seuls héritiers de RALAIKOLONA ;

Débouté les héritiers de RAKOTONDRAIVO de leur demande d'homologation de l'acte de donation n°15 du 14 Octobre 1992 et l'acte de partage en date du 15 Août 2015 ;

Débouté les requis de leur demande de mise en cause des acteurs de l'acte de partage ci-dessus mentionné ;

Ordonne le partage des biens laissés par RALAIKOLONA, tel qu'il résulte de sa déclaration de succession n°28/17 du 31 Mars 2017, entre RAZAFINDRAMANGA Berthine, JEAN PIERRE Modeste et RAZAFINDRABE Martine ;

Commet pour y procéder un notaire au choix des parties ou à défaut Madame le Greffier en chef du Tribunal de Première instance d'Ambatolampy ;

Débouté en l'état RAZAFINDRAMANGA Berthine et JEAN PIERRE Modeste de leur demande d'expulsion des héritiers de RAKOTONDRAIVO ;

Qu'aucune voie de recours ne sera plus recevable passé le délai d'un mois, à compter de la date de publication sus visée ;

Disons qu'il nous en sera référé en cas de difficulté ;

Laissons les frais à la charge de la requérante ;

Fait en notre Cabinet et donné à Ambatolampy, le vingt quatre février, l'an deux mil vingt quatre.

===== SUIT LA SIGNATURE =====

EN CONSEQUENCE  
LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR, mande et ordonne :

-A tous Huisiers sur ce requis de mettre la présente ordonnance à exécution ;

**Bruno Abric mpanoratra Frantsay**

**Namoaka boky 3 momba ny raharaha 1947 sy ny fanjanahantany**

Ny vahiny, indrindra fa ny Frantsay no liana mikasika ny zava-nitranga manodidina ny fanjanahantany sy ny raharaha 1947. Izany indrindra no nahatonga an'i Bruno Abric namoaka ny boky "Vent d'Epines" sy "Anisa Le Sakalava" ary "Ino vaovao Moramanga 1947".



Mpanoratra sady mpandinika fiarahamonina i Bruno Abric teratany Frantsay. Ny taona 1997 izy no tonga teto Madagasikara.

Mpanoratra sady mpandinika fiarahamonina i Bruno Abric teratany Frantsay. Ny taona 1997 izy no tonga teto Madagasikara. Nahatsapa ny hakanton'i Madagasikara izy dia tamana. Izy raha teo tamin'ny fotoan'androny dia tomponandraikitra tamin'ny sampan'asa iray teo anivon'ny Minisiteran'ny Fizahantany notendren'ny Fanjakana Frantsay. Ny fijanonany ela teto amintsika no nahasarika azy hikaroka ny momba ny

raharaha 1947 sy ny fanjanahantany nataon'ny Frantsay izany dia notendren'i Joseph Gallieni ny Kapiteny Henri Lambert hamotika ny fanoharana nataon'ny Sakalava sy ny fahefan'ny Merina ary indrindra hametraka ny tetikady politika nomanin'i Gallieni hampahomby ny fanjanahantany.

amintsika izay niainan'ny Malagasy ny ziogan'ny fanjanahantany nataon'ny Frantsay. Tamin'izany fotoana izany dia notendren'i Joseph Gallieni ny Kapiteny Henri Lambert hamotika ny fanoharana nataon'ny Sakalava sy ny fahefan'ny Merina ary indrindra hametraka ny tetikady politika nomanin'i Gallieni hampahomby ny fanjanahantany.

Nandritra izany anefa no nifankahitan'ny Kapiteny Henri Lambert sy tovovavy Sakalava iray atao hoe Anisa. Niteraka olana anefa ny maha mpanjanaka sy ny voazanaka teo amin'ireo mpifankatia ka nahatonga azy ireo hitsoaka.

**"Anisa Le Sakalava"**  
Mitohy amin'ny boky faharoa nosoratan'i Bruno Abric hoe "Anisa Le Sakalava" ny tantara ka hanambarany ny lalan-davitra sy sarotra niainan'i Henri sy Anisa. Tany Toléde tany Espana izy ireo no nitsaoka ary nanorimponenana tany. Nandao io tanana io ry zareo ary nave-

lany tao daholo ny fananany sy ny fiadanany rehetra. Tamin'ny 1910 no tafaverina teto Madagasikara indray i Henri sy Anisa rehefa avy namakivaky ny ranomasina Mediteraniana nandalo tao Suez, Djibouti, Nosy-Be ary tonga tao Morondava tamin'ny farany. Nandalo fahasahiranana isan'andro izy roa fa anisan'ny nampisokatra ny sain' Henri ny haren'ny kolontsaina malagasy tamin'ny fahitany ny fomban-drazana. Nifanojo indrindra tamin'ny famadihana ny dadaben'i Anisa moa izany. Ny boky tantara navoakan'i

Bruno Abric kosa dia ilay boky hoe "Ino vaovao Moramanga 1947". Misongadina ao anatin'ny tantara ny mikasika ny Kapiteny Moreau sy Nirina tovovavy Malagasy ary ny Sergent Senegaly Diop sy Rakoto nalaza tamin'ny fitifirana amin'ny basy tany Frantsa nandritra ny roa taona ary tafaverina teto Madagasikara. "Ny lahatso-ratra dia mampahafantatra ny olana ara-tantaran'ny fitroaran'ny vahoaka Malagasy tamin'ny 1947 sy ny valin-kafatra nataon'ny fitondrana frantsay izay namoizana ain'olona an'arivony maro".

Tiaray R

**Ny Hasina Ratsimbazafy**

**Hametraka ny faribolana Sandratra eo amin'ny Literatiora**

Mbola ao anatin'ny fankalazana ny faha-35 nisiany amin'izao fotoana izao ny Faribolana Sandratra. Maro ny hetsika ataon'izy ireo manerana nosy mikasika ny fanandratana ny teny Malagasy sy ny asa soratra amin'ny endriny samihafa. Anisan'ny nisongadina tamin'izany ny famoaboasan-kevitra sy ny velakevitra maro samihafa. Mbola mitohy izany amin'izao fotoana izao ka rahapitsa Alarobia dia hitondra ny velakevitra nampitondraina ny lohahevitra hoe « Ny Faribolana Sandratra eo amin'ny tantaran'ny literatiora » i Ny Hasina Ratsimbazafy. Efa tsy zoviana amin'ny maro izy satria ankoatra ny maha mpikambana feno azy eo anivon'ny faribolana sandratra dia mpampianatra mpikaroka eny amin'ny



Ny Hasina Ratsimbazafy mpampianatra mpikaroka eny anivon'ny Oniversiten'Antananarivo

oniversiten'Antananarivo izy. Hanomboka amin'ny 2 ora sy sasany etsy amin'ny Tranombokim-pirenen'i Madagasikara etsy Anosy ao amin'ny efitrano Dox no hanatanterahana izany izay hitondran'i Ny Hasina Ratsimbazafy ny ezaka

nataon'ny Faribolana Sandratra nandritra izay 35 taona nisiany izay. Afaka manatrika ity velakevitra ity avokoa ny rehetra ary asaina manokana amin'izany ny mpianatra.

Tiaray R

**FIHENAMBIDY GOAVANA BE!** HATRAMIN'NY -40%

<b>BALLON CABINE</b>	<b>POMPE À EAU</b>	<b>JOINT DE CULASSE</b>
<b>GLOBE OPTIQUE</b>	<b>PALE</b>	<b>FILTRE À GAZOIL, À AIR</b>
<b>PLAQUETTE DE FREIN</b>	<b>DISQUE DE FREIN</b>	<b>EMETTEUR D'EMBRAYAGE</b>

**...sy pièces maro be hafa koa!**

**S.T.D. PIÈCES DÉTACHÉES POIDS LOURD**

**034 07 219 53**  
**032 07 219 53**

**PETITES ANNONCES Gazetiko**

**MIVIDY**  
\* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 793/20-6)  
\* Lamba, kiraro, debara, kahie, machine, bisikileta, kojandakozia. Mm SARAH. Tél ; 034.03.047.43. (G-BA 799/10-1)

**A VENDRE**  
\* Tsenabe Isotry. Trano 2 étages : 16ch, E&E, 1er plan, T&B, QC : 5Md Ar à déb. Tél : 033.73.021.33. (G-BA 797/8-3)

**COURS**  
\* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 792/7-6)

**FAMPIANARANA**  
\* Fampianarana manety lehilahy "Coupe homme". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 798/10-1)

**VIDANGE**  
\* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 788/20-16)

Ambohimalaza

# Ankizivavy tsy hita 3 andro, nentin'ny tovolahy nitsoaka

Efa nanaovan'ny fianakaviany filazàna fikarohana mihitsy ity zazavavy ity.

Nipenimpemina tamin'ny fikarohana ity ankizivavikely vao enina ambin'ny folo taona ity mihitsy ny Ray aman-dReniny sy ny fianakaviany. Efa nanaovana filazàna fikarohana tamin'ny radiom-pirenena satria efa ho telo andro no tsy nahitana azy. Vao tsy tonga nody teny an-tranony eny Andron-drakely izy dia nokarohina avokoa tamin'ny toerana rehetra noheverina ho nalehany saingy tsy nahitàm-bokany. Ny 27 Martsa lasa teo dia nisy nampandre ny zandary eny Ambohimalaza



Ilay tovolahy nitondra azy.

fa misy tovolahy iray mitazona ankizivavikely mampiahiahy ao Antetina, kaominina Ambohimalaza. Raha ny fanazavàna azo mantsy dia efa nokarohin'ny mpitandro filaminana tamin'ny resaka vaky trano sy fanendahana io tovolahy io ary tsy hitahita teny an-toerana intsony. Taitra ny mpiara-monina raha nahatsikaritra azy tamin'io niaraka tamin'ilay ankizivavy ary nihidy tao an-tranony. Mipetra-drery rahateo ilay tovolahy, izay vao roapolo taona eo ihany koa.

Any am-ponja

Nidina teny an-toerana avy hatrany ny zandary raha vao nandre io vaovao io. Tratra tao an-tranony tokoa ilay tovolahy niaraka tamin'ilay ankizivavy. Tonga dia

nosamborina ilay tovolahy ary natao famotorana. Nentina nozahan'ny mpi-tsabo kosa ilay ankizivavy nijerena ny toe-pahasalamany. Tamin'ny fanadihadiana natao no nahafantarana fa teny Andron-drakely no nifankahalalan'ilay ankizivavy tamin'ity tovolahy ity ary izao nentiny nitsoaka teny Ambohimalaza nanaraka azy izao. Nidoboka any am-ponja avy hatrany moa ilay tovolahy rehefa natolotra ny Fampanoavana. Fitazonana sy fanodinkodinana zaza tsy ampy taona no vesatra nanenjehana ilay tovolahy tamin'ity fa mbola tantara hafa kosa ireo halatra sy fanendahana nikarohan'ny zandary azy.

R.C

Ambondromamy

# Nirefodrefotra ny basy, dahalo 3 maty voatifitry ny zandary

Raikitra ny fifandonana teo amin'ireto dahalo nirongo basy sy zava-maranitra sy ny zandary niaraka tamin'ny fokonolona tao Ampombokely, kaominina Ambondromamy ny Alahady alina lasa teo. Vokany, dahalo telo no maty voatifitra. Araka ny fanazavàna azo, nanafika tao amin'ny tanànan'Ampombokely ireto andian-dahalo ireto tamin'io fotoana io. Norobain'izy ireo ny ombin'olona teo an-tanàna. Nanao ny fanarahan-dia avy hatrany ny fokonolona ary nanampy ihany koa ny zandary raha vao nahazo fampandre-nesana. Nifanehatra tamin'ireto dahalo tao amin'ny kizon'Ampombokely ireo mpanara-dia. Tonga dia nitifitra ireo dahalo raha vao nahita ireto farany. Namaly tifitra ihany koa ny zandary ka nifampitifitra teo ny roa tonta.

Tafaverina

Nandritra izany no nahalavo ireto dahalo telo lahy ireto. Vaky nandositra kosa ireo namany ka navelany hatramin'ireo omby vao avy nangalariny. Araka izany dia azo avokoa ireo omby rehetra ary efa tafaverina amin'ny tompony. Mbola mitohy hatrany kosa ny fanarahan-dia ataon'ny mpitandro filaminana amin'ny fikarohana ireo dahalo tafatsoaka. Raha fanazavàna azo hatrany dia fantatra fa efa dahalo raindahiny avokoa ireto maty voatifitry ny zandary ireto. Nampihorohoro ny mponina tany amin'ny faritra Ambondromamy sy ny manodidina iny ry zalahy ireto.

R.C

Itaosy

# Vehivavy roa tratra nivarotra rongony

Vehivavy roa no voasambotry ny polisy teny Itaosy ny herinandro lasa teo. Izany dia vokatry ny hetsika sarika nataon'izy ireo. Nandritra ny fisafoana nataon'ireo mpitandro filaminana mantsy no nahafantaran'izy ireo ny fisian'ireo roa vavy mivarotra rongony eny an-toerana. Nandeha nidina ifotony avy hatrany ireo mpitandro filaminana ireo nijery ny zavaintranga. Inona tokoa fa nandritra izany no tra-tehaka teo am-panaovana ny asa ratsiny izy roa vavy. Tsy afanitsoka intsony ireto farany fa noraisim-potsiny teo. Nisy avy hatrany ny fisavana natao ka nahitana rongony manodidina ny 42 fonosana teny amin'izy ireo sy rongony telo harona mbola tsy voatsinjara. Nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy avy hatrany ireto vehivavy ireto taorian'ny fisamborana azy ireo. Mitohy ny famotorana eo anivon'ny mpitandro fila-



Ireo rongony saron'ny polisy.

minana mialoha ny hiakaran'ny raharaha eny anivon'ny fampanoavana.

Fanentanana

Ankoatra ny fisamborana ny olon-dratsy dia nisy ihany koa ny fanentanana nataon'ny polisy nandritra ity hetsika sarika ity. Araka ny fanazavàna dia tanora an-jatony no

nantanina manodidina ny herisetra mifototra amin'ny mahalaky sy mahavavy. Fa eo ihany koa ny fanentanana mba hisorohana ny fidrohana zava-mahadomelina. Fa nomena laharan-tariby ahafahana miantso ny polisy kosa ny tranombarotra manodidina ny 500 sy cash point raha sanatria misy

tranga tsy fandriampahalemana miseho. Fa nihaino ny fitarainan'ireo mponina mikasika izay tsy fandriampahalemana izay ihany koa ny polisy niaraka tamin'ireo komity loharano ka fokontany am-polony maro no nidinana ifotony tamin'izany.

T.H

Anosibe

# Mpandeha taksi-bisikleta norobain'ny mpanendaka


Mpandeha taksi-bisikleta iray no norobain'ny mpanendaka teny Anosibe ny faran'ny herinandro lasa teo. Iny teny ampandehanana iny ity fitaovam-pitaterana iray ity no nijokojo moramora avy any aoriana ilay olon-dratsy ka avy dia nisintona tampoka ny finday teny an-tanan'ilay olona nentina tamin'ny bisikleta nipetraka tao aoriana. Somary nitohana ny fifamoivozana tamin'io fotoana io ka nanararotra izany ilay olon-dratsy. Tetsy andaniny ihany koa efa harivariva ny andro ary efa maizina mihitsy aza ka mora ho an'ilay olon-dratsy no nanatanteraka ity fanendahana ity. Tsy afa-nanao na inona na inona akory ilay lasibatra satria poa tahaka izay dia efa tsy hita izay nalehan'ny ilay mpanendaka. Rehefa azony mantsy ilay finday dia lasa nitsoaka izy tsy hita intsony izay nalehany.

Hafa koa

Fa tamin'io andro io ihany, mpandeha taksibe ihany koa no saika lasibat'izay asa fanendahana izay ihany teny Anosibe tsy lavitra ny tsena ihany. Olona nipetraka tao aorian'ny mpamily indray, tsy tao amin'ny sisiny akaikin'ny fitaratra akory fa teo akaikin'ny lalan-tsara tamin'ilay fiara. Nijery zavatra tao amin'ilay finday izy no nisy tanana nitsoriaka tampoka saika haka ilay izy. Raha nisy kely foana dia saika azony ilay izy satria avy eo amin'ny fitaratra akaikin'ny saofera no nandeha haka ilay telefaonina ilay olon-dratsy.

T.H

## MANAL'AZY DE MI'MEME



Ravelotody Herisoa

Azon'ny vehivavy atao tsara ny asan'ny mpamonjy voina

Tsy maintsy miofana izay rehetra voaray amin'ny fifaninana ho sapeur pompier rehetra.



Efa betsaka ny vehivavy mpamonjy voina hoy Ravelotody Herisoa.

Iray amin'ireo vehivavy nisafidy ny hanao ny asan'ny mpamonjy voina i Herisoa Ravelotody, Sapeur pompier de 2e classe. Araka ny fanazavany, « betsaka ireo olona eo amin'ny manodidina azy no efa ao anatin'ilay sehatra. Maheno isan'andro ny asa atao sy ny dingana atao ary ny fepetra tsy maintsy raisina raha sendra misy loza izy noho izany. Anisan'ny nahasarika azy hanao izany asa izany ny manodidina ahy izay betsaka no manao asa mpamonjy voina. Rehefa tafahaona izahay dia mitantara ny asany foana izy ireo. Tapakevitra aho fa handray anjara amin'ny fifaninana hidirana ho mpamonjy voina. Tena narisika be mihitsy aho tamin'izay ary rehefa nivaly

zavatra rehetra. « Nanomboka tamin'ny 15 janoary 2021 aho no niditra tao anatin'ny tontolon'ny mpamonjy voina. Mazava ho azy, ny fiofanana no natao voalohany. Tsy sarotra ilay asa na dia vehivavy aza ny tena fa vita ihany. Tsy nahalala izay tontolo manodidina an'io asa io mihitsy aho talohan'izay fa tao vao nahay ny havia sy havanana rehetra. Rehefa mahay manaraka ny lamina dia tsy tokony hisy mihitsy ny olona, ny lehibe anay raha-teo miezaka manoro izay tsara ho fantatra rehetra mandritra ny fanofanana.» hoy hatrany i Herisoa. Betsaka hoy izy ny vehivavy miasa amin'io sampan-draharaha mpamonjy voina io. Anisan'ny fahatsiarovana niavaka indrindra teo amin'ny asana mpamonjy voina nataony ny famonoana afo izay notanterahiny teny Ivato. Naharitra 24 ora teo ny famonoana afo tamin'ny orinasa mpanao taratasy, izany hoe nanomboka alatsinainy maraina no tao izahay

ary ny ampitso mihitsy vao maty tanteraka ny afo. Rehefa amin'ireny moa, ny lehibe anay foana no mandrindra ny isan'ny mpamonjy voina alefa amin'ny toerana iray araka ny fanazavandRavelotody Herisoa. Maro karazana ny asan'ny sapeur pompier fa ny tena hahafantarany maro azy ny famonoana afo raha sendra misy voina. Miditra an-tsehatra rehefa misy hazo mila tapahina rehefa ahiana hitondra loza amin'ny manodidina azy ihany koa izy ireo. Ahitana ireo mpamonjy voina ireo ihany koa ny famonjena olona lasan'ny rano. Any ivelany any aza, raha sendra misy olona torana na tratan'ny tsy fahasalamana tampoka, efa misy mpitsabo ao anatin'ny ekipa mpamonjy voina amin'ny maha voina ny mahazo ilay olona. Eto Antananarivo, ankoatran'ny foiben'izy ireo etsy Tsaralalana, misy ihany koa ny foibe hita etsy Andravoahangy sy Ivato.

Nath

Samy...

Misento kely !

Na izany eny amin'ny mpamongady na izany eny amin'ny tsenakely, resaka isika samy isika ihany, misento kely ny mpanjifa ny amin'ny vidim-bary. Misento kely satria nidina ny vidim-bary, tsy ireo vokatra eto an-toerana ihany fa hatramin'ny hafarana any ivelany. Atao tsy mahagaga izany satria miditra amin'ny fararano isika ka miakatra eny amin'ny tsena ny vary vakiambiaty. Asa moa raha fifananadrifian-javatra ihany koa fa mianjera indrindra ao anatin'ny fifaranan'ny filatsahana ho kandida amin'ny fifidianana solombavambahoaka izao fidin'ny vidim-bary izao. Enga ka mba ny lalanan'ny tsena no hametra ny vidim-bary fa tsy noho ny antony hafa. Raha sanatria mantsy ka izay, resaka isika samy isika ihany e, mbola sambobelon'ny politika ny raharaha samihafa eto amin'ny firenena. Na izany na tsy izany, antenaina fa ho marin-toerana amin'izay ny vidim-bary ka tsy hiovaova noho ny toe-draharaha eto amin'ny firenena. Ny lalanan'ny tolotra sy ny tinady no hamaritra ny vidim-bary ka omen-danja ao anatin'izany ny fitsimbinana ny mpanjifa izay tsy hamono antoka ny mpivarotra ary tsy hahabotry ny tantsaha mpamokatra vary. Malaza mantsy ankehitriny ny fiovaovan'ny toetr'andro ka inoana tsy haka tahaka ny volon'andro ny vidim-bary noho ny antony samihafa. Ny faniriana, tsy mandala ilay misento kely eo amin'ny vidim-bary fa hitohy mandava-taona. Samy isika ihany e !

Herivonjy RAJAONAH

...isika

Advertisement for Forello Expo Salon International Transports Logistique Manutention, 3rd Edition, April 11-14, 2024, Parc des Expos Forello Tanjombato. Includes logos for sponsors like Hazo vato, Telma, Hamac, m-tec, and Corsair.

GCL 805/2-1

Christine Razanamahasoa

# Nahatafapetraka ny antontan-taratasy filatsahan-kofidiany, omaly

Irariany mba hadio sy hanaraka ny lalàna hatrany ny fanomanana sy ny fanatanterahana ny fifidianana ka tsy hisy halaim-panahy hanilika na hanao antsojay ireo tsy mitovy hevitra aminy.



Rtoa Christine Razanamahasoa, kandidà any Ambatofinandrahana. lalàna teo aloha io dia omaly no nahatafapetraka ny antontan-taratasy filatsahan-kofidiny, tany Ambatofinandrahana Rtoa Christine Razanamahasoa ary nahazo taratasy manamarina izany, avy amin'ny tompon'andraikitra Any anivon'ny OVEC (Organe de Vérification et d'Enregistrement des Candidatures), sampandraharaha mandray ny dosien'ny mpirotsaka hofidiana. Ny ira-

riana dia mba hadio sy hanaraka ny lalàna hatrany ny fanomanana sy ny fanatanterahana ny fifidianana ka tsy hisy halaim-panahy hanilika na hanao antsojay ireo tsy mitovy hevitra aminy ny manam-pahefana isan-tokony. Mitodika aty amintsika rahateo ny mason'izao tontolo izao, noho ny fifidianana solombavambahoaka soka-jiana ho fihodinana faharoa, taorian'ny fifidianana filohampirenena notanterahina farany teo. Fifidianana hana-mafy na tsia ny fankatoavan'ny vahoaka ny filohampirenena sy ny fandaharan'asa nampanantenainy, nandritra ny fampielezan-kevitra

V.R.

Minisitry kandidà solombavambahoaka

# Teren'ny lalana hametra-pialàna rehefa mivoaka ny lisitry ny kandidà



Tapitra omaly hariva ny fame-trahana ny antota-taratasy filatsahan-kofidiana ary manana 48 ora, hanaterana ireo dosie mbola tsy feno ny kandida. Io ora io izay voalaza fa mbola azo angatahana ny fanavaozana azy, raha ilaina. Hatramin'ny omaly dia mpikambana ao amin'ny governemanta 7 no efa fantatra ka ho isan'ny mpifaninana, amin'ny 29 mey ho avy izao. Ireto avy izy ireo: ny minisitry ny fanabeazam-pirenena Marie Michèle Sahondralimalala, kandidà any amin'ny distrikan'i Fianarantsoa I; ny minisitry ny mponina Fomendraza Haingo Elisette, kandidà any amin'ny distrikan'Ambohitra; ny minisitry ny Atitany Tokely Justin, kandidà any amin'ny distrikan'i Sambava; ny minisitry ny fanatanjahantena Haja



André Resampa, kandida any amin'ny distrikan'i Morondava ; ny minisitry ny serasera sy ny kolontsaina, Augustin Andriamanoro, kandidà etsy amin'ny Boriborintany voalohany ; ny minisitry ny fampianarana teknika, Lalatiana Rakoton-drazafy, kandidà any Faratsiho ary ny minisitry ny Fampanarana Ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa. Ireo mpikambana ao amin'ny governemanta ireo izay marihina fa teren'ny andininy faha-64 n'ny lalampanore-nana hametra-pialàna, rehefa mivoaka ôfisialy ny lisitry ny kandidà hifaninana, araka ny fampahafantarana navoakan'ny fitsarana avo momba ny lalampanorenana, tamin'ny 3 aprily lasa teo. Ambaran'ny andininy faha 6 n'ny lalàna fehizoro laharana



2018-008, tamin'ny 11 mey 2018, mikasika ny fifidianana amin'ny ankapobeny sy ny fitsapankevibahoaka sy ny andininy faha-16 n'ny lalàna fehizoro, laharana 2018-010, tamin'ny 11 mey 2018, mikasika ny fifidianana solombavambahoaka fa ny mpiasam-panjakana ambony sivily sy miaramila, kandida amin'ny fifidianana dia tsy maintsy mametra-pialàna, rehefa mivoaka ny lisitra ôfisialy mampahafantatra ny kandidà mpifaninana.

V.R.



Alain Ratsimbazafy

# Nirotsaka ho kandidà mahaleotena eny Atsimondrano

Nirotsaka ho kandidà mahaleotena ny depiote amperinana Alain Ratsimbazafy rehefa voatsipaka tsy nahazo ny fanevan'ny vovonana « Firaisankina » avy amin'ny antoko Tim intsony. Omaly maraina izy no niara-nanaitra ny dosie firosahan-kofidiny teny anivon'ny OVEC Atsimondrano miaraka amin'ireo mpiray lisitra aminy. Araka izany dia kandidà mahaleotena Atoa Alain Ratsimbazafy amin'ny fifidianana solombavambahoaka amin'ny 29 may izao. Mikasika ny mety ho filazàna, fa nivadika tamin'ny antoko nisy azy, dia nanambara tsotra ny kandidà Alain Ratsimbazafy, fa ny vahoakan'Atsimondrano no nangataka azy hirotsaka hofidina ka ny fotoana no maraitra ny valin'izay. « Amiko dia ny vahoaka no Andriamanjaka. Ny vahoakan'Atsimondrano nangataka ahy hirotsaka, eo ihany koa ireo Raiamandreny, vato nasondrotry ny tany marobe nangataka ny mbola hirotsahako hofidina amin'ity fifidianana ity, noho izany dia tsy hiamboho adidy aho amin'izany hetahetan'ny vahoaka izany fa mbola hijoro hatrany

## Marina izany ! Ahiahy sy fingampingana!

Nifarana omaly izany ny fametrahana ny antota-taratasy filatsahan-kofidiana ireo hifaninana amin'ny fifidianana solombavambahoaka, hotanterahana amin'ny 29 mey ho avy izao. Na izany na tsy izany, raha ny lalàna dia mbola manana valo amby efapolo ora ny kandidà hameno ireo dosie mbola banga. Tao anatin'izay fotoana nanomanana ny antota-taratasy izay dia nifamahofaho ny ahiahy sy ny fingampingana. Ahiahy teo amin'ny ankamaroan'ny kandidà avy aty amin'ny hery fanoherana. Antony, nohasarotina ny fanomezan'ny tompon'andraiki-panjakana isan-tokony na famoahana ny antota-taratasy sasantsasany. Vokany, maro ny kandidà avy amin'ny Vovonana sy ny avy amin'ny Kolektifa, eny fa hatramin'ireo jandidà tsy mankina, tsy nahazo ny fankatoavan'ny antoko nisy azy ka nirotsaka amin'ny anaran'ny tsy miankina no nampifilafilaina ka voatery nivezevy. Fingampingana kosa no nahazo vahana taty amin'ireo tompon'andraiki-panjakana sasantsasany, manana andraikitra amin'ny famoahana ny antota-taratasy nilain'ny kandidà. Ny fanontaniana manitikitika ny saina manoloana izany dia ny hoe: Nisy baiko nidina ve sa ireo tompon'andraiki-panjakana sasantsasany no mandray fanapahan-kevitra samirery sy nanampatra fahefana? Mbola nanjaka ihany koa ny ahiahy sy ny tebiteby, na avy amin'ny kandidà mpanohana ny mpitondra na avy amin'ny mpomba ny mpanohitra, mandra-pivoakan'ny lisitra nahafantarana izay nahazo fankatoavana, mialohan'ireny fanambarana ôfisialy ireny. Ny ahiahy sy ny tebiteby izay nivadika hatezerana rehefa tena nivoaka ny lisitra ka niavaka ny vary sy ny tsiparifary. Ny androany aloha vita ihany fa inona no fanapahan-kevitra koraisin'ireo nailika, rehefa tafaka-dapa izy ireo?

Voahangy Rakotozafy



Ny Depiote Alain Ratsimbazafy sy ny mpiray lisitra aminy, nanaitra ny antontan-taratasy firosahan-kofidiny tetsy amin'ny OVEC Atsimondrano omaly.

hitondran'ny tenin'ny vahoaka .», hoy izy. Nantintranteriny ihany koa, fa hiaro ny vahoaka ary, manana ny vina amin'ny fametrahana ny tany tandalana, ny fampanjakana ny demokrasia no tanjony ary izay no efa nitolomany teo hatramin'izay mandrak'ankehitriny.

### Fitsinjaram-pahefana mandringa

Nomarihin'Atoa Alain Ratsimbazafy omaly ihany koa, fa manomboka eto dia ny tenany mihitsy no hijery

manokana ny volavolan-dalàna sy ny resaka fitsinjaram-pahefana hitany fa tena mandringa mba hampirindra tsara ny sehatry ny fampandrosoana eto Madagasikara, raha toa ka ny antoko TIM, naha lany azy no nitondra ny volavolan-dalàna amin'ny alalan'ny solombavambahoaka teo aloha. Nisokatra nanomboka omaly ihany koa moa ny komity manohana an'i Alain Ratsimbazafy, izay manana ny foiben'ny Bypass.

Niry R.



Fifidianana depiote - Fanaterana dosie

# Nandray fepetra manokana ny CENI

Omena hatramin'ny anio ireo kandidà hamenoana izay dosie tsy ampy.

Efa nampozina fa tsy maintsy hisy amin'ireo maniry ny ho mpandry anjara amin'ny fifidianana depiote no amin'ny faran'ny fe-potoana vao mikorapaka na dia efa tamin'ny 27 Marsa

aza no nisokatra ny fanaterana antontan-taratasy. Vokany, tsy vitsy tamin'ireo te ho kandidà ireo no tsy nahafeno ireo antontan-taratasy sy pitsopitsony ilaina ka tsy nahatratra ny fe-potoana nofaritana mialoha hifaranan'ny fanaterana izany dosie filatsahan-kofidiana izany. Tsy namoaka didim-panjakana ny amin'ny hisian'ny fanalavam-potoana anefa ny teo anivon'ny governemanta

ka voatery tsy maintsy nandray fepetra manokana ny teo anivon'ny CENI, araka ny fanazavana avy amin'ny loharanom-baovao iray. Isan'izany ny hoe azon'ireo kandidà na te ho kandidà apetraka eny amin'ny OVEC aloha izay dosie efa eo ampelatanany na dia tsy mbola ampy aza mba hanatratrana ilay amin'ny 5 ora hariva (omaly io) ary omena hatramin'ny anio ireo kandidà

hamenoana izay dosie tsy ampy. Marihana, fa anio no hamoaka ny fanapahankeviny farany ny OVEC momba ny lisitra ny mpilatsaka hofidiana ka ho hita eo izay hahintsan'izy ireo na ho tazony ny kandidà. Amin'ny 18 Aprily kosa no hamoaka ny lisitra ofisialin'ireo kandidà rehetra manerana ny Nosy ry zareo eo anivon'ny CENI.

Mamy R.

Ramatoa Tantely Razanamandimbisoa

# Kandidà natolotry ny vovonana IRMAR ao amin'ny Boriboritany faha-6

Ramatoa Tantely Razanamandimbisoa, delege tao amin'ny boriboritany faha-6 ihany no kandidà natolotry ny fitondrana hisalotra ny fanavan'ny vovonana IRMAR ao Ambohimananina amin'ny fifidianana solombavambahoaka hotanterahina amin'ny 29 may. Tonga nanatitra ny taratasy firotsahan-kofidiny teny amin'ny OVEC Ambohimananina ny lisitra tarihin'ny omaly hariva. Ekipa tanora rahany fijery an'ireto mpiray lisitra ireto. Na izany aza dia namafisin-dRamatoa Tantely Razanamandimby, fa tsy maintsy hakana hevitra sy ajoro ho arofanina amin'ny fitantanana ny tanana ny Ray aman-dreny. « Tena hitondra ny anajira biriky zato isanjato ny fampandrosoana eny ifotony ho an'ny fokontany 31 mandrafitra ny boriboritany faha-6 no tantjona amin'ity ka ilaina avokoa ny hevitra rehetra. », hoy izy. Ny lalàna no tena kirakirain'ny solombavambahoaka kanefa tsy mahasakana ny asa fampandrosoana ho tambein'andriakitra ny vahoaka izany, hoy hatrany ity kandidà depiote ity. Zanak'Ambohimananina mahafantatran'ny mararin'ny vahoaka ao an-toerana. Laharam-pahamehana ho an-dRtoa Tantely Razanamandimbisoa ny lafiny fambolena sy fiompiana « Hanao izay hampisy ny fahavitan-tena ara-tsakafo » araka ny fampantananan'ny Filohampirenena isika hoy izy, ka hanatona sy hanampy bebe kokoa



Ramatoa Tantely Razanamandimbisoa sy ireo mpiray lisitra aminy teny amin'ny OVEC Ambohimananina, omaly.

an'ireo mpamboly satria marobe izy ireo eny. Laharam-pahamehana faharoa ny lalàna amin'ny resaka tany. Ny resaka « enregistrement », izay tena mavesatra amin'ireo mpamboly sy ny pitsopitsony amin'ny lalàna amin'ny resaka tany no tena mila jerena. Notsiahiviny, fa efa nisy ihany ny fakankevitra nataon'ny Minisitry tamin'ny delege sy ireo ben'ny tanàna teny an-toerana izay mila hamafisina. Ny laharam-pahamehana fahatelo izay nambarany fa anisan'ny tena hitondran'ny anajira biriky manerana ny Nosy mihitsy ny mikasika ny herisetra atao amin'ny ankizy sy ny vehivavy sy ny fanolanana izay nambarany fa efo misy tetikasa amin'izany eny Ambohimananina.

**Nahazo tsodrano ampahibemaso**  
Mikasika ny depiote nialotra ny vovonan'ny fitondrana teo aloha indray dia nomarihin-dRtoa Tantely R., fa efa nanaiky ny fifandimbiasan-toerana. « Ambohimananina miray hina » no soa-toavina entin'izy ireo ka tsy ho ravan'ny politika sy ny tsy fitovian-kevitra. Efa nisy fifampiresahana tsara teo amin'ny roa tonta ary efa nanome tsodrano imasom-

bahoaka ity farany araka ny fanazavany. « Mifanaja, mifanome voninahitra ary mifampaka hevitra ao anatin'ny fampandrosoana satria iray ihany ny tantjona », hoy hatrany Ramatoa Tantely Razanamandimbisoa. Araka izany dia efa vonona ny hifaninana amin'ireo kandidà mpifanandrana aminy eny an-toerana ity kandidà IRMAR ity.

Niry R.

# Tsilavina Rakotoarisoa (Papa Tsilavina) Kandidà solombavambahoaka mahaleotena ao amin'ny boriboritany fahatelo



Ny lisitra tarihin'Atoa Tsilavina Rakotoarisoa nanatitra ny taratasy firotsahan-kofidiana tao amin'ny boriboritany fahatelo, omaly.

Ny kandidà Tsilavina Rakotoarisoa na i Papa Tsilavina no kandidà fahatelo tonga nanatitra ny antontan-taratasy firotsahan-kofidiny ho solombavambahoaka tetsy amin'ny OVEC Tanà III, omaly. Mirosaka ho Kandidà mahaleotena. Teo amin'ny sehatry ny kabary sy ny asa soa nataony no ahafantaran'ny maro azy eny amin'ny boriboritany fahatelo. « Ny soa atao levenam-bola » no teny filamatra entiny amin'izao firotsahany ho kandidà solombavambahoaka izao ka na ho lany na tsy ho lany, mitohy hatrany ny asa soa atao amin'ny vahoaka, hoy izy. Ny feon'ny vahoaka foana no Andrianina sady fangatahan'ny fokontany rehetra no nirosahako satria « Efa nahazo tsodrano tamin'ny fokontany 34 sy ireo Ray aman-dReny ny tenako » hoy izy. Laharam-pahamehana amin'ny kandidà Papa Tsilavina amin'izao firotsahan-kofidiny izao moa ny fanatsarana sehatry ny vehivavy sy ny zaza mba hamerina ny hasin'ny vehivavy ao amin'ny boriboritany fahatelo. Ankoatra izay dia hivoy ny Politikan'ny kolontsaina ihany koa no tanjony. Anisan'ny nanangana ny fikambanan'ny mpikabary voalohany tao amin'ny boriboritany fahatelo : « Fenomanana mikabary » moa ny tenany. Efa niasa ary mbola vonona hiasa ho an'ny boriboritany faha-telo.

Olonona vonona sy vanona

Manoloana an'ireo kandidà avy amin'ny mpanohitra sy ny fitondrana mpifaninana aminy dia nambarany, fa ny safidin'ny vahoaka mitady olona vonona sy vanona no andrasana. Nomarihin'ny fa mpanao lalàna no ilaina eny amin'ny Antenimieram-pirenena ary feno tsara ny lisitra tarihin'ny satria misy ny mpandalina kolontsaina, sy mpahay lalàna roa. Raha tsiahivina dia efa nirosaka ho kandidà depiote tao amin'ny boriboritany fahatelo izy tamin'ny 2019 ary mihevitra ny handrombaka izany amin'ity. Nomarihin'ny fa ny 74 isanjaton'ny olona no tsy nifidy tamin'ny 2019, raha toa ka ny 26 isanjato no nandray anjara, izay nambarany fa midika ho tsy fatokisana an'ireo olona hofidiana. « Eto efa misy ny olona vonona sy vanona ». ka miantso an'ireo maro an'isa tsy nandray anjara mba hijoro izy amin'ity fifidianana ity.

Niry R.

## TOLOTRA MANOKANA *Gazetiko*

Noho ny fahatranan'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.

Grid for names and addresses: Anarana, Fanampiny, Adiresy, Nomerano C.I.N, Tél.

**PRIERE MIRACULEUSE**  
Doux cœur de Jésus, auparavant, je t'ai toujours demandé plusieurs faveurs. Cette fois-ci, je t'en demande UNE très spéciale (...). Prends-la doux cœur de Jésus et place-la dans ton cœur transpercé où ton Père la voit. Ainsi sous ses yeux miséricordieux, elle deviendra ta faveur et non la mienne. Amen ! Dites cette prière 3 fois/jour et pendant 3 jours et votre prière sera exaucée miraculeusement. N'oubliez pas de remercier Jésus avec promesse de publication.  
Remerciements au doux cœur de Jésus pour faveur obtenue.  
GCL 807/1-1 09/04/24 Famille RAZANAJATOVO

## TSIPAKA

Tongo-bakivaky izy ity ka sady maharary no mahamenatra, ary tsy azo afenina toy ny vav an-kandrina intsony ka aleo potsirina mba tsy hitaran'ny fery. Tsy inona izany fa ny fiarahany mitovy fananahana eo amin'ny samy mpanao fanatanjahantena eto amintsika no tian-kambara. Any anatin'ny fiarahamonina misy antsika any, dia tsy vaovao amin'ny sofina sy ny maso intsony ny fandrenesana sy ny fahitana ny fiarahana (fifankatiavana) eo amin'ny mitovy fananahana. Ny tiana ampahafantarina etoana dia ny fifankatiavan'ny samy vehivavy mpanao fanatanjahantena any anaty klioba.

### Lavin'ny

#### Fiarahamonina

Any amin'ny taranja iraisana no tena mihanaka ny fifankatiavan'ny samy vehivavy, izay ialana tsiny fa niniana tsy tononina ny anaran'ilay taranja. Izany fepetra izany no raisina dia isorohana ny mety ho fihemorany te hanao fanatanjahantena amin'ilay taranja voatonona. Tsy naharitra ny mpanazatra tafaresaka tamin'ny tena ka naneho fa tena mihanaka tokoa ny fanaovana " lesbienne (filazana ny vehivavy samy vehivavy mifankatia) " any anatin'ny ekipa vehivavy sasany. Misy ny fanapahan-kevitra noraisina ka nesorina ny mpilalao tratra manao an'izany fitondran-tena mamoehatra izany, isorohana ny fihitarany. Tsy vitan'ny fifankatiavana fotsiny ihany no ataon'izy ireny fa mbola mifampiaro sy mirary saina ihany koa. « *Raha vao atao fiandry ny sipany dia zara raha milalao, manome « maximum », eny ambonny kianja izy* ». Voalaza fa mbola tsy misy fiantraikany amin'ny mpilalao lehilahy ny fanaovana " gay (fiarahan'ny lahy samy lahy) ". Mankahala ny fanaovana an'izany ny ankamaroan'ny lehilahy. Tsapa izany any anatin'ny fiarahamonina any fa voaenjika sy voailikilika izay fantatra fa manao "gay". Misy aza moa dia iharan'ny fikasihantana. Eo anatrehan'ny zava-misy tahaka izany dia tokony handray fepetra hentitra ny mpitantana klioba. Hanaisotra ny tsiparifary any anatin'ny vary, satria mampiana-desona ratsy amin'ny mpilalao beazina ny fisiany. Mety hisy angamba alaim-panahy ka aneho fa fiainana manokana ara-pitiavan izany. Anterina fa mbola tsy eken'ny fiarahamonina sy ny lalana Malagasy ny fiarahan'ny lahy samy lahy na ny vavy samy vavy, ka tsy tokony ho taratra any anatin'ny fanaovana fanatanjahantena. Ny hanongoana ny maty dia manahirana ny mandevim-belona!

aris rafaly

### Kitra - Tompondaka Rezonaly R1

## Efa manatevin-daharana ny ekipan'ny St Pauloise FC i Tsiry Kely

*Antenaina fa hivaha tsy ho ela ihany koa ny olan'i Berajo amin'ny fahavitan'ny taratasy ipetrahany any La Réunion.*

Tapitra hatreo ny resabe momba ny filalaovan'i Tokinantenaina Olivier Randriatsiferana "Tsiry Kely", na tsia amin'ny ekipan'ny Saint Pauloise FC atsy amin'ny nosy La Réunion.

Niatrika voalohany ny andro faha-4 amin'ny fiadiana ny tompondaka Rezonaly 1(R1) any amin'ity firenena ity ny lehilahy tamin'ny asabotsy lasa teo. Resin'ny ekipany tamin'ny isa mazava 2 no ho 0 ny Trois Bassins FC. Voalaza fa na dia tsy nahatafiditra baolina aza ny tenany, dia anisan'ny angady nananana sy vy nahitan'ny St Pauloise FC ny fahombiazana azony. Marihina fa miaraka milalao aminy ao anatin'ny S.P.F.C i Tokifandresena Rojolahaina Andriamanjato "Rojobe",

mpiara-nilalao tamin'ny taloha tao anatin'ny AJESIA, izay samy tao anatin'ny toeran'ny irakiraka afivoan'ny kianja. Izao filalaovan'i Tsiry Kely any La Réunion dia midika fa efa milamina ny taratasy ilainy amin'ny fivahinianana any antanin'olona. Ampatsiahivina fa niteraka ady hevitra, teo amin'ny mpankafy baolina kitra sy ny mpankahala azy, ny niantsoan'ny mpanazatra Romuald Félix Rakotondrabe "Rôro" an'i Tsiry Kely, nananatevin-daharana ny Barea de Madagascar tamin'ny fiatrehana ny "Fenêtre FIFA" teto amintsika farany teo iny. Voaenjika niaraka tamin'ny tamin'izany ihany koa moa i Rajo Nirina Razafindrabe-aramianta "Berajo", izay manana olana ara-taratasy toa azy ka tsy afaka nijanona tany La Réunion fa mbola niverina namita an'izany taty antanindrazana. Raha amin'ny mpilalao eto antoerana "locaux" amin'izao fotoana izao, dia azo lazaina fa tsy azo tsinontsinoavina ny fisian'izy mirahalaly ireo ao amin'ny toeran'ny vodilahanana sy ny irakiraka mpanafika, matoa ny mpanazatra sy ny tekisihanina miaramiasa aminy nisafidy ny handraisana azy, niaro ny voninahy-pirenana, izay tsy azo anaovana kitoatoa mihitsy amin'ny fifaninanana iraisampirenana atrehina. Momba an'i Berajo manokana dia antenaina fa hivaha tsy ho ela ihany koa ny olany amin'ny fahavitan'ny taratasy ipetrahany any La Réunion, hjiombenan'ny sainy tsara amin'ny filalaovana an'ity taranjaity.

aris rafaly



Tsy nisalasala i Samuel Eto'O Flis, niara-naka sary tamin'ny !

### Kitra - "Tournoi Terrain Synthétique Fitahiana"

## Lasan'ny ekipan'ny B 12 ny amboara sy ny 350 000 Ariary

Raharaha token-tranon'ny ekipa avy eny Ankazomanga, ny andiany voalohany, tamin'ny lalao famaranana "Tournoi Terrain Synthétique Fitahiana / Foot à 5", izay notanterahina tamin'ny faran'ny herinandro teo iny. Tamin'ny isa mazava 4 no ho 1 no nandresen'ny Bolida 12 ny Ankizin'Ankazomanga Mllalao. Ampatsiahivina fa teo amin'ny lalao manasa-dalana dia tamin'ny fandakana " tirs au but " 3 no ho 2 no nanilhinan'ny AAMI ny ekipan'ny 67 Ha, rehefa nisaraka samy tsy nisy nahavaky atody ny ekipa roa tonta, nandritra ny fanaovana ny fe-potoan aradalana. Nosakanan'ny B 12,

nahitana an'i Voara / Elisé / Marcel / Coco / Chri / Mika kely / Romaric, tamin'ny isa 2 no ho 0 kosa ny dian'ny ekipan'Andraisoro. Araka izao fandresena azon'ny B 12 tamin'ny lalao famaranana izao, dia norombahany ny amboara sy ny lelavola 350.000 Ariary, natolotry ny mpikarakara. Azo lazaina fa fahombiazana no azon'ny mpikarkaka, satria nahatratra 11 ny isan'ny ekipa nandray anjara tamin'ny fifaninanana. Nampanantena izy ireo fa hisy ny "Challenge Cup 2024", hanentanany dieny izao ny mpankafy kitra amin'ny kianja madinika toy izao.

a.r

## Akon'ny Basket

### Hangotraka ny famaranana Sokajy U16 / N1B - SBBA



Miroborobo ny fifaninanana SBBA.

Fantatra tamin'ny faran'ny herindro teo ny ekipa hiatrika ny lalao famaranana amin'ny fiadiana ny tompondakan'ny Section Basket-Ball Ambohidratrimo 2023-2024, eo amin'ny sokajy latsaky ny 16 taona zazalahy sy zazavavy ary ny "N1B" lehilahy sy vehivavy. Raha ny voka-dalao azo tamin'ny lalao manasa-dalana dia nahatafiditra ekipa telo amin'ny famaranana ny ekipan'ny DUNAMIS Ivato fa tao amin'ny "N1B" lehilahy ihany no azon'ny GBCA sy ny ACACIAS ny toerana. Tahaka izao ny fizoan'ny lalao famaranana amin'ny sabotsy 13 aprily 2024 : " U16F " / DUNAMIS # New Academics Sport ; "U16G » / DUNAMIS # COSBAIMI ; « N1BD » / ASTAR # DUNAMIS ; " N1BH " / GBCA # ACACIAS. Marihina fa tsy maintsy tanterahan'ny ekipa mpandray anjara tamin'ny fifaninanana ny fiadiana ny laharana fahatelo sy fahefatra.

### " Mada Basketball Events "

## Hiditra amin'ny andiany faha-3

Mahazo laka eny anivon'ny kianjan'ny fokontanin' Amboditsiry ihany koa ny fifaninanana basket-ball "FIBA 3x3". Hiditra amin'ny andiany fahatelo ny fifaninanana amin'ny sabotsy 11 sy alahady 12 mey 2024, izay handraisan'ny sokajy latsaky ny 18 taona zazavavy sy zazalahy" sy ny "Open Senior" vehivavy sy lehilahy anjara. Ny fisoratana anarana dia efa misokatra, ka tsy hifarana raha tsy amin'ny sabotsy 04 mey 2024. Ny fivoriana aratekinika dia hatao ny alakamisy 09 mey 2024.

nangonin'i a.r



Fahombiazana no azon'ny mpikarakara ny T.T.S.F.



PASI PASI

Rasolofoson Herizo Thierry

Anatin'ny rà'n'izy mianakavy ny fanaovana spaoro

Ny taranja handball no nampalaza ny dadany, nondimbiasany izany avy eo ary amin'izao fotoana izao dia ny zanany lahy indray no manohy ny filalaovana ity taranja ity, raha nisafidy hilalao baolina kitra sy basketball kosa ny zanany roa vavy. Ity fianakaviana ity no hampahafantarina eto amin'ny PASI PASI anio.

**Gazetiko** :Anaranao feno  
**RHT**: Rasolofoson Herizo Thierry

**Gazetiko** :Firy taona ianao dia mbola manao handball ve, ao amin'ny klioban'iza?

**RHT**: 52 taona. Milalao amin'ny sokajy zokiny (veteran), mitaiza tena sisa fa tsy manao fifaninanana intsony.

**Gazetiko** : Nanomboka firy taona ianao no nanao handball, dia efa tao anatin'ny ekipam-pirenena ve? Inona avy no anaram-boninahitra efa azonao na tamin'ny klioba na ekipam-pirenena?

**RHT**: 15 taona no nilalao tamin'ny fifaninanana teny an-tsekoly fa tamin'ny faha-19 taona vao tena nanomboka nianatra handball sy niditra klioba. Tafiditra tao anaty ekipam-pirenena voalohany tamin'ny faha-21 taona ary nilalao farany tao tamin'ny faha-43 taona. « Medaillé » indroa tamin'ny jeux des iles. Maromaro ny tompondakan'i Madagasikara efa azo. Ary « medaillé » tamin'ny fifaninanana isan-tarika taty amin'ny oseana indianina

**Gazetiko** : Firy ny zanaka,



Anatin'ny rà'n'izy fianakaviana ity ny fanaovana fanatanjahantena. Iza avy dia manao handball daholo ve?

**RHT**:3 Notaizaina tao anaty fanatanjahantena daholo ny zanako fa ilay lahy tokona ihany, Tokiana (21 taona) irery no manao handball. Ny roa vavy kosa nisafidy taranja hafa. Koloina (24 taona) manao basketball ary i

Kaliana (13 taona) manao football?

**Gazetiko** : Noterena ve sa efa tao anatin'ny rà'n'izy zanaka le handball?

**RHT**: Rehefa nanao taranja hafa izy tamin'ny mbola kelikely dia nisafidy ny hilona bebe kokoa tao amin'ny handball. Tsy nisy fanerena

fa safidy. Mety azo lazaina koa ngamba hoe efa ao anaty rà koa ilay izy satria ny dadabeany koa dia mpilalao iraisam-pirenena tamin'ny handball nandritry ny taona maro.

**Gazetiko** :Efa nisy voantso tao anatin'ny ekipam-pirenena ve ny zanaka?

**RHT**:Eny, Efa voaatso « préselectionné » tamin'ny IHF Trophy Juniors 2022

**Gazetiko** : Ahoana izany hoe miaraka manao spaoro ianareo mianakavy?

**RHT**: Tena mahafinaritra satria fotoana iray ahafahana mifampizara, mifanohana, mifanoro

**Gazetiko** : Inona no fialambolinareo mianakavy?

**RHT**: Mijery sarimihetsika, mitsangatsangana.

**Gazetiko** : Fanentanana ataonareo ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro.

**RHT**:Isan'ny singa iray mahomby amin'ny resaka fanabeazana ny ankizy ny fanaovana fanatanjahantena satria ahafahany mianatra fiainana tsara : fifehezantena, fiezahana, fiarahamonina, fifampizarana, ...

Rabenaivo

Taekwondo WT - Fifidianana

Mbola vonona hanohy ny asa efa vita, ny filoha Ramanantsoa

Hotanterahana amin'ny talata 16 avrily hoavy izao, ny fifidianana ho filohan'ny Federasiona Malagasy ny Taekwondo WT. Anisan'ny kandida mbola hirotsaka amin'izany toerana izany ny filoha amperinasa, Christian Richard Ramanantsoa. Nambarany, fa latsaka ambany ny fahaiza-manaontsika teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena tamin'ny 2019, fotoana nandraisana ny fitantanana ny FMTKD.

« Niezaka aho niasa, nampiakatra izany lenta izany, niaraka tamin'ireo mpikambana, teknisiana sy Ligimparitra rehetra ary ny atleta », hoy hatrany ingahy Christian Ramanantsoa. Teo amin'ny vokatra nandritra ny taom-pitan-tanany indray dia nitombo isa ireo ceintures noires sy ny mpanazatra. Namiratra ary nandrombaka medaly volmena betsaka nandritra ny Lalaon'ny Nosy, nandrombaka medaly volamena koa ny solontenantsika nandritra ny fiadiana ny Tompondakan'i Afrika. « Tafiditra amin'ny fiaraha-miasa tamin'ny WTF, WFA, Ambasadin'i Korea, MJS, COM dia nitombo ireo fampitaovana, ka hanohy an'ireo no hilatsahako », hoy hatrany ity kandida ity. Hotohizana hatrany koa ny fanofanana, izay nisy foana hatramin'izay. Rehefa miakatra, hoy izy ny lentan'ny teknisiana dia miakatra ho azy ny lentan'ny atleta.



Mbola kandida hirotsaka hofidina ny filoha amperinasa, Ramanantsoa Christian.

Rabenaivo

Mangoro Moramanga Taekwondo Club Vao nitsangana fa manana ny ho aviny mamiratra



Ny filohan'ny klioban'ny MMTC nanaraka ity fanamafisam-pahaizana tetsy Ampefiloha ity.

1 volana sy tapany teo izay no tafatsangana ny klioban'ny Mangoro Moramanga Taekwondo. 30 mianadahy mianaka no mpikambana ao anatin'ny, izay misy zaza vao 5 taona ny kely indrindra raha 47 taona ny zokiny indrindra. Nambaran'ny filohan'ny MMTC, Miora Andria Njaka, fa manana atleta sangany izy ireo ary antenaina fa hamiratra atsy ho atsy. Anisan'ny olana sedrain'ny klioba MMTC ny tsy fananana dojo, izay sakana iray tsy hahazoana vokatra haingana. Antenaina noho izany ny fifanomezan-tanan'ny rehetra, hahafahana mahazo na manangana toeram-pikotrana ho an'ity klioba ity manokana. Tazana nanaraka ilay fampiofanana tetsy amin'ny ANS Ampefiloha ihany koa ity filohan'ny MMTC ity, izay nanambara fa amin'ny mahaklioba vao mitsangana azy dia ilaina hatrany ny manararaotra toy izao. « Teknika avo rahateo no zarain'ny mpampiofanana », hoy ny tenany ka izay no hanenjehana itony fanofanana itony. Nohamafisiny, fa mila maharaka ny fivoarana sy fahaiza-manao ny mpitarika fikambanana toa ahy, ary ilaina koa ny fifaneraserana amin'ny olona sy fikambanana indrindra ireo avy amin'ny taranjam-panatajahantena hafa, hifankafantarana sy hahafahana mifanakalo na aran-kevitra io na amin'ny fomba fiasa ihany koa.

Rabenaivo

FIHEZAMA

Mpitantana sy teknisiana 120 no miofana etsy Ampefiloha

Nanomboka omaly ary hifarana anio etsy amin'ny ANS Ampefiloha, ny fampiofanana ireo mpikambana anivon'ny FIhezama ny HERin'ny ZATovo Malagasy (FIHEZAMA). Fiaraha-miasa amin'ny Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena ary ny Akademia Nasionaly ny Spaoro izy ity, izay fanamafisam-pahaizana ho an'ireo mpanazatra, mpanara-maso akaiky ny atleta. Miisa 120 izy ireo no manaraka izany, izay efa mipetratrakara tsara avoa ny fandaharam-potoana. Omaly maraina, famelabelarana sy fampahafantarana azy ireo ny tokony ho fantatra rehefa mikarakara hetsika ara-panatanjahantena ngezabe, izay niara-



Nahazo tombony manokana ny FIHEZAMA tamin'ity fampiofanana ity. hana tamin'ny Talen'ny fanofanana eo anivon'ny ANS, Rason Olivier. Afa-po tamin'ny fizarana ny tenany, liana ireo mpiofanana, hoy izy matoa tonga manaraka izany amin'izao andavanandro izao. Natao ho an'ny rehetra rahateo ny fikarakarana hetsika ara-panatanjahantena, izay tsy mitaky diplôma na fahaizana fianarana ambony.

Nambaran'ny filohan'ny FIHEZAMA, Jacky Raymond François Xavier Rakotovo, fa faly ireo mpiofanana satria tena ilain'izy ireo izao. Hisy ny « certificat » hozaraina amin'ny fiakaran'ny fanofanana, izay notsiahiviny fa tsy vita hatreo fa mbola hisy dingana roa hafa izany. Fandaharam-potoana manaraka ho an'ny FIHEZAMA ny « Gala » kasaina hatao amin'ny volana jolay sy ilay « criterium » amin'ny volana aogositra. Anisan'ny nampianarina azy ireto ny Lalàna mahakasika ny fitantanana spaoro eto amintsika, ny manodidina ny fahasalaman'ny atleta sy ny maro samihafa, niarahana tamin'ireo tomponandraikitra isan-karazany.

Rabenaivo

Taranja siantifika

# Vitsy ireo mpianatra misafidy azy io indrindra ny tovovavy

Manampy ireo ankizy hisafidy ny lalam-piofanana arahiny sy ny asa hataony ny hetsika " ny asako rahampitso ".

Amin'ireo mpianatra 2 215 ao amin'ny Lycée Rabearivelo, 150 no misafidy ny hiatrika ny taranja siantifika. Manodidina ny 1 000 eo ireo mitsinjara amin'ny sokajy L sy S ary OSE amin'ny bakalorea manaraka eo. Voalazan'ny mpampianatra matematika, Tsimiheloky Lelahy fa efa tarazon'ny ankizy mihitsy ny tsy fahaizana io taranja siantifika io indrindra ny matematika. Tato ho ato, lasa nihena be ny mpianatra misafidy azy io. Nilaza i Oly Rakotomalala, provisoran'ny Lycée Rabearivelo fa : « vitsy ny tovovavy misafidy ny taranja siantifika ka nahatonga azy ireo nanangana ny fikambanana STEM. Ao anatin'io fikambanana io no mandeha ny karazana fanentananasyfampahafantarana. » Miezaka mampahafantatra ny antony tsy hisafidianana ny taranja siantifika ka amin'izany mety ho mampatahotra ve ny fidirana amin'ilay siantifika sa inona no antony satria mitovy ihany ny lenta sy ny fahasarotan'ny sokajy L na OSE na S. Anjaran'ny mpampianatra ny mampahafantatra amin'ireo mpianatra ny lalam-piofanana azo atao raha misafidy ny sokajy iray. Ao amin'ny kilasy premiere no misafidy



Anisan'ny nampahafantatra ireo dingana nolalovany nahatonga azy ho toy izany ny polisy.

izy ny sokajy ataony amin'ny bakalorea ireo mpianatra. « Anjaran'ny mpampianatra mandritra ny « conseil de classe » no manapaka izay sokajy tokony hataon'ny mpianatra iray amin'ny bakalorea ary miankina betsaka amin'ny naoty azony any an-tsekoly izany. » Eo anivon'ny JJR manokana, misy ny efitra natokana hamakiana boky sy misy tahirin-kevitra maro samihafa hanampiana ireo mpianatra amin'ny fianarana. Omena fotoana mihitsy izy ireo hahafahany mitrandraka any satria na lesona na fanazarana hita ao avokoa.

« Efa hita fa mihatsara sy mitombo na tsy mbola betsaka sy mahafapo aza ireo mpianatra indrindra ny tovovavy manao siantifika noho nyezaka manokana natao. » hoy hatrany Oly Rakotomalala. Anisan'ny manampy betsaka amin'ny fisafidianana sokajy ataon'ireo mpianatra mandritra ny bakalorea sy any amin'ny fianarana ambony ny hetsika "Ny Asako Rahampitso" izay iarahana amin'ny Rotary Club Antananarivo Ainga. Tamin'ity andiany faha-16 izay natomboka tamin'ny fomba ofisialy tao amin'ny Lycée Rabearivelo omaly, nisy maromaro ireo asa vaovao

nampidirina. Anisan'izany ny asa manodidina ny informatika izay misandrahaka amin'ny sehatra maro. Eo ihany koa ny mahakasika ny tontolo iainana miaraka amin'ireo asa efa mahazatra dia ny dokotera, polisy, mpamonjy voina, architecte sy ny maro tsy voatanisa. Lycée 8 eto Antananarivo miampy ny eny Andoharanofotsy no hisitraka fizarana amin'ireo mpianatra. Ao amin'ny Rabearivelo manokana, kilasy 2<sup>nde</sup> 22 isa no ho tetezin'ireo mpiantsehatra rehetra ireo.

Nath

Ady amin'ny valala


# Velaran-tany 14 250 Ha voafendraka fanafody

Loza mitatao ho an'ny famokarana ambanivohitra ny andiam-balala. Araka ny tatitra nataon'ny IFVM (Ivontoevana Famongorana ny Valala eto Madagasikara), dia velaran-tany 14 250 Ha no voafendraka fanafody sy voaaro hatramin'ny fiatombohan'ny ady ho an'ny taom-piasana 2023-2024. Mitohy any amin'ny distrika efatra ny asa ankehitriny, dia Toliara II, Sakaraha, Morombe, ary Manja. Marihina fa an-tanety no anaovan'ny IFVM sy ireo mpiara-miombona antoka aminy ny famoanoana ireo valala. Raha ho an'ny taom-piasana 2022-2023 kosa dia nahatratra 19 800 Ha ny velaran-tany vita famendrahana fanafody tamin'ny alalan'ny fampiasana fiaramanidina, ary 12 443 Ha no vita tamin'ny alalan'ny fiara. Mafimafy ny ady ho an'ity taona ity, satria raha araky ny fanazavan'ireo teknisiana dia mitombo ny faritra misy

## Mirongatra noho ny fahabetsahan'ny rotsak'orana.

andiam-balala noho ny fahabetsahan'ny rotsak'orana nanomboka ny volana janoary. Vao tamin'ny volana febroary lasa teo no nanaovana fanairana amin'ny firongat'ireo andiam-balala mpifindra monina, indrindra fa ny tao Manja ka hatrany Beloha Androy. Tsara ny manamarika fa ny faritra Atsimon'ny Nosy no tena ahitana andiam-balala eto amintsika. Ireo tantsaha mpamokatra no tena lasibatra amin'ny firongatry ny valala, satria maty momoka ao anatin'indray mipi-maso ny ezaka natontona ho an'ny fambolena rehefa tsy mahomby ny ady atao. Iaraha-mahalala fa efa ady mafy ho an'ireo mponina any Atsimon'ny Nosy ny haintany ary mbola manampy trotraka koa ny valala, izay samy mitarika any amin'ny tsy fahampian-tsakafo sy tsy fanjarian-tsakafo noho ny faharefoan'ny famokarana.

R. Muray



Tsy mora ny ady amin'ny adiam-balala. (Sary nindramina)

Fitoriana filazantsara

# Mifamotoana amin'ny Malagasy ny Dr Rodney Browne ny 13 sy 14 aprily

Hisitraka torohevitra ara-panahy, ara-tsaina ary arabatana ireo malagasy rehetra ho tonga hanatrika ny hetsika karakarain'ny Dr Rodney Browne izay tontosaina etsy amin'ny Lapan'ny Kolontsaina sy Fanatanjahantena Mahamasina ny 13 sy 14 aprily 2024 izao. Tsy fahagagana fotsiny, ary tsy fitoriana filazan-tsara ihany noho izany no hatrehana sy hisy mandritra ireo roa andro ireo fa misy fifampizarana traikefa hataony mandritra ny fandalovany. Eo anatrehan'izany, na iza na iza te hisehatra amin'ny asa fandraharana, na iza te hahay mikasika izany hay tarika dia fanara-



Izy no Dr Rodney Browne, vonona hanampy ny malagasy ara-pinoana sy ara-tsaina ary arabatana.

raotana io fotoan-dehibe io. Hiavaka tanteraka ny fotoana ary mazava ny tanjon'ny hetsika: Hanentana ireo kris-

tianina hitombo ara-panahy araka ny fomba fijery sy fomba fanao kristianina. Betsaka no efa nahare mikasika an'i Dr Rodney Brown fa tsy vitsy ihany koa no tsy mahafantatra azy. Tsy iza no lehilahy fa mpanompon'Andriamanitra, teratany afrikana tatsimo saingy ny taona 1987 nisafidy

## Ankoatra ny fivavahana, hisy ny fizarana traikefa mikasika ny tontolon'ny fandraharahana sy ny haitarika omeny.

ny andao ny firenena niaviany mba hihazo an'i Etazonia hitory ny filazantsara sy hanitatra ny asan'Andriamanitra. Izy ihany koa no namorona

ireo universite miisa telo dia ny Revival Ministries International, The River at Tampa Bay Church, River Bible Institute, River School of Worship sse dey ary ny River School of Government à Tampa, izay hita any Floride. Tsy miasa irery izy fa maherin'ny 150 ny fiangonana kristianina mihetsika sy manohana

ity hetsika izay karakaraina ny faran'ny herinandro ity sy izay rehetra ataony manerana an'i Madagasikara. Tanjon'ity hetsika ity ny hanentana

ireo kristiana rehera tsy ankanavaka hanamafy ny finoana ary hitombo ara-panahy araka ny fomba fijery sy fomba fanao kristianina. Hisantatra ny fotoana ny sabotsy maraina ny kaonferansa lehibe mahakasika ny haitarika sy ny fandraharahana natao ho an'ny sokajin'olona rehetra maniry hivoatra. Ny tolakandro kosa, misy ny fotoana fiankohofana sy fitariham-bavaka izay iarahana amin'ireo mpanompon'Andriamanitra avy amin'ny fiangonana fifohazam-panahy maro eto Madagasikara.

Nath

# Zandarimariam-Pirenena

## Mafy ny paikady hametrahana fandriampahalemana maharitra

" Tafiditra anatin'ny Politika ankapoben'ny Fanjakana ilay hoe " MAFI " .



Ireo zandary manao ny asa fitandroana ny filaminana.

Notsarovana tamin'ny 2 aprily 2024 ny Andron'ny Zandarimariam-Pirenena. Omaly sy anio kosa ny ivon'ny fankalazana, natao tetsy amin'ny Kianja Barea Mahamasina. Hetsika maro isan-karazany no nanamarihana izany, nisy ny fampirantiana ny momba ny Zandarimariam-pirenena sy ny amin'ny alalan'ireo tranohava. Eo ihany koa ny fampisehoana sy ny valandresaka arahina adivevitra. Tafiditra amin'izany ny fifandraisan' ny zandarimaria sy ny asa fanaovan-gazety. Zandarimariam-pirenena MAFI na « Miaro Ho Antoky ny Fampandrosoana I fotony », lo no noraisina ho lohahevitra. Izany hoe mafy ny paikady hametrahana fandriampahalemana maharitra. Araka ny Didim-panjakana izay nanganana ka nanendrena ireo Mpikambana vaovao eo anivon'ny Governemanta tamin'ny 14 janoary 2024 lasa

teo dia niova ho Ministera Delege misahana ny Zandarimariam-Pirenena" ny Departemanta ministerialy miandraikitra ny Zandarimaria. Na izany aza mbola voatazona ho « Tanindrazanasynyalana » hatrany no no teny filamatra. Saika ahitana ity vondronkery ity avokoa manerana ny Nosy. Araka ny fantatra dia manana vondron-tobim-paritra na « groupement de la Gendarmerie » miisa 23 izy ireo. Ao anatin'izany dia misyihanykoany « CIRGN » sy « CFS » ary ny sekoly ambony any Moramanga sy ny « EGNA » Ambositra.

### Fisorohana

« Tafiditra anatin'ny Politika ankapoben'ny Fanjakana ilay hoe « MAFI », Rehefa manana fitoniana sy fandriampahalemana maharitra ny olona dia mitombo ny toe-

karena eto Madagasikara. Mitaky asa be izany, ohatra ny fanadiovana anatin'ny ny fampiharana ny fitsipim-pihehezana, eo koa ny fanazaran-tena dia ny haitao sy ny fahaiza-manao, ny fidinana ifotony ataon'ireo zandary, indrindra any amin'ny faritra saro-dalana sy ambanivohitra dahalo. Amin'izao dia natao ny fotoam-pahatsiarovana mba hanehoana ny firafitry ny zandary. Amin'ny ankapobeny dia tratra ny tanjona ho an'ny 100 andron'ny zandary. Miezaka hatrany mba hametraka ny fandriampahalemana maharitra. Afa-po ihany izahay na dia teo aza ny lesoka ary ny lesoka tsy maintsy misy ary mila arenina hatrany » : hoy ny Jeneraly Andriantsarafara Rakotondrazaka, Minisitra Delege misahana ny Zandarimaria, nandritra ny tafa nataony tamin'ireo mpinao gazety. Araka ny angom-

baovao dia naompan'ny zandary tao anaty ady amin'ny asan-dahalo ny ezaka 100 andro. Raha ny tombana azonay dia nihena 76 % ny halatr'omby ary nihena 56% ny fakana an-keriny, toy izany koa ny fanakanandalana, asan-jiolahy, fanafihana mitam-piadiana. Ho an'ny faritra Menabe manokana ohatra dia azo lazaina ho tsy nahitana tranga asandahalo intsony tao an-toerana, noho ny ezaka fanamafisana ny fanentanana, ny fisorohana tamin'ny alalan'ny kolonely Ralaviy Fanevarisonimihary.

### Tandroka

Tsara ny mampatsiahy fa raikiten'ny firenena malagasy ho fahatsiarovana ity andron'ny 2 aprily 1996. Teo no natolotra an'ny kolonely Richard Ratsimandrava ny fibaikoa ny zandarimaria. Izy no malagasy voalohany voatendry hisahana izany, ary feno 55 taona ity fotoana ity.



Ny Jeneraly Rakotomalala Andriantahina, Komandin'ny Zandarimariam-pirenena, rehefa eny an-kianja.

Anisany angady nanana sy vavy nahitana ny fahatsiarovana an'io androio ny filohan'ny Antenimieran-doholona, ny jeneraly Richard Ravalomanana fony izy mbola komadin'ny zandary fariparididiana Antananarivo. Tanjona dia ny fampahafantarana ny zandary eo imason'ny vahoaka sy ny fanjakana. Eo koa ny fitaizana sy ny famolavolanana ny toen-tsaina ho an'ireo zandary.

### Laharam-pamehana

« Ny zandary dia anisan'ny mandray anjara betsaka ny amin'ny lafin'ny fandriampahalemana sy ny fametrahana ny filaminana ary ny tany tandalana. Maneho ihany koa ny maha tandroka aron'ny vozona azy ireo. Hita izany nandritra izay 55 taona nitan-tanan'ny malagasy ny fibaikoa ny zandarimaria. Nomena lanja manokana ny fifanantonana hatrany teo amin'ny mpifehy sy ny olom-pehezina, famerenena amin'

ny toerana misy azy ny zandary dia ny fifandraisana amin'ny vahoaka, famaritana hatrany ny andraikitra hifanaraka amin'ny toetr'andro, fanovana ny rafitra... sns. Koa aoka isika tsy hisy na dia iray aza handraka ilo mby andoha fa hanaraka antsakany sy an-davany ny asa nampiandraiketena antsika » : hoy kosa ny Jeneraly Rakotomalala Andriantahina, Komandin'ny Zandarimariam-pirenena. Inoana araka izany fa hanaraka io fotokevitra hijoroana amin' izao io ny zandary. Tena ho hery velona hampandry ny filaminana fa tsy ho sanatria ka ho herim-pamoretana ka hampahory ny vahoaka tsy mandady harona. Mifandraika amin'izany ireo antokon-kery rehetra dia ny polisy, tafika malagasy, mba hijery ny laharam-pamehana dia ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana.

Deyland



Seho nataon'ireo zandary nandritra ny fotoam-pahatsiarovana 2 Aprily.



Ny Jeneraly Andriantsarafara Rakotondrazaka, Minisitra Delege misahana ny Zandarimaria.



Ahitana azy ireto rehefa misy ny fihetsiketsehana fidinana andalambe.

Sarisary zary tenany

Maizina Hatsikana an-tsary

Moana



Masoandro iposaka

SALAMO 27:4

Zavatra iray loha no nangatahiko tamin'i Jehovah, izany no hotadiaviko, dia ny hitoetra ao an-tranon'i Jehovah amin'ny andro rehetra hiainako, mba ho faly mijery ny fahasoavan' i Jehovah sy mandinika ny tempoliny.

Indray mipika



Nanantontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05



Tantara mitohy mpirahalahy



Chabolana



Ny ony niteraka ny mamba ; ny loharano niteraka ny ony.

Le fleuve a donné naissance aux caïmans ; la source a donné naissance au fleuve.

Sudoku Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 3216

			2	1	8			
	8			6				
	2			1				
7					5	8		
	6						7	
			3	7			4	9
			4				6	
2				1				5
	4		6	5		9		

Valin'ny laharana 3215

9	6	3	4	5	8	2	7	1
7	8	5	2	3	1	9	4	6
1	4	2	6	7	9	3	8	5
2	1	8	9	6	5	4	3	7
5	3	7	1	2	4	8	6	9
6	9	4	7	8	3	5	1	2
3	2	1	5	4	6	7	9	8
4	7	9	8	1	2	6	5	3
8	5	6	3	9	7	1	2	4

**TENY MIAFINA N° 815**

Mifamono tsiroaroa ny litera rehetra afa tsy ny an'ny teny miafina. Tsihiho ny litera mitovy mifanakaiky mitsangana na mitsivalana dia avy eo dia ny litera mitovy tsy misy manelanelana afa tsy litera efa voatsipika. *Vakiana tsotra ny valiny.*

R	N	A	F	K	M	S	T	S	I
K	A	P	O	H	J	Y	J	P	A
E	O	H	S	T	H	V	P	E	I
K	F	Z	T	E	E	T	K	N	Z
J	D	B	S	T	O	V	M	L	K
T	I	D	O	D	V	Y	V	I	T
J	D	B	F	H	O	E	M	L	K
S	F	Y	V	B	G	M	K	N	B
M	O	M	A	K	F	J	P	J	F
S	N	Y	J	R	G	M	T	R	J

06 litera

Val in'ny teny miafina 814 : SIDINA

**VALIN'NY**  
Kakuro 814

9	4	2	8	2	1	7	3	9		
2	3	1	9	6	3	7	2	1	8	
5	3	1	2	4	9	8	5			
6	9	8	4	7	1	2	6	2	1	
3	7	4	2	5	7	2	9	8	6	
1	6	7	9	3	8	1	4	2		
9	8	7	6	5	2	4	1			
		1	3		9	3	7	4	1	8
9	2	5	2	4	1	3	5	9		
7	1	2	8	9	6	9	8	7		
	3	1	8	1	2	1	3	9		
6	8	7	9	8	5	9	6	4	7	
1	4	3	2	2	4	1	2	8		

**VALIN'NY**  
TENY MIRANDRANA Lah. 7840

- LAVENONA •
- F • TENINI • T
- E L O N A R E O • A
- T A • D • O • O • V E R
- R I • R • D I A K O
- A S I A N A • • E N
- N O • N E N I T O A
- I A N A R A K O • K
- N • • • N • • • O
- F I T O N I A N A •

**HAFATRA MIAFINA**


Amin'ny alalan'ireo kisarisary eo ambany, asio soratra eo ambony, dia fantaro izay tiany holazaina.

X	7	B	7	E						
		H								
4	+	7	5	+						
2	7	E	=	5	7	•	7	5	Δ	5

Valin'ny lalao omaly  
FONOSINA RAVIN'AKONDRO IRENY

**TENY MIDINA**

1. Eny
2. Aro moka
3. Tava
4. Fisitrahana
5. Fanambany



Valin'ny  
TENY MIDINA  
omaly

1. NA
2. INA
3. INAY
4. IZANY
5. DIZINA

**DISO FITO**

Rehefa tazanina dia toa mitovy ireo sary ireo. Raha jerena tsara anefa dia misy diso ao anatiny. *Fito* izy ireo, mba tadiavo kely hoe ?



**LALAO : TELOMIOVA**

Tsihiho ireto teny ireto (na mitsangana na mitsivalana na misom-pirana) dia farito izay litera manaraka ilay teny avy hatrany. Atambaro ireo litera ireo dia ho fantatrao ny tiany ho tenenina ; misy litera tavela koa ireo, *atambaro dia ho hitanao ny valiny*

O M I T O R I A A M  
A S P M A R K K P O  
N K O I E O O I R I  
I I O T T T V D L L  
D S A R R A N A I I  
A O I O T O Z M N K  
V K M S F A I A I I  
O B I A O A S N N N  
A T T O I A G I A A  
D A K A S A S I M I

- |         |         |          |          |           |
|---------|---------|----------|----------|-----------|
| KINGA   | TROMBA  | MITORIA  | SOTROINA | MISASAKA  |
| SASANI  | TAOVANI | VOATERI  | AKOTRIKO | MPITAZANA |
| SAOSISI | KIDORO  | VADINAO  | NAMADIKA | MISATROKA |
| ILAZAO  | MITROSA | TAFONDRO | MPIVATSI |           |

- Valin'ny lalao omaly : - MITAFA - TELO

NY TONONANDRONAO TALATA 09 APRILY 2024

Asorotany 18 aprily - 14 may

Aza manao fisainana zaza intsony ianao fa matoa efa mahay fitiavana dia efa lehibe ianao no dikany..

Alahasaty 15 may - 12 jona

ASA: Ampiaro ny traikafa anananao fa aza atao aingon-trano fotsiny FITIAVANA: Mbola ho avy eny foana ilay anjaram-pitiavanao fa miandrasa kely

Asombola 13 jona - 11 jolay

ASA: Aza variana mipetraka eo fotsiny ianao fa ny fotoana efa vidi-ana lafo FITIAVANA: Ahita fahasovana tsara be ianao sy ny olon-tianao amin'ity anio ity

Admizana 12 jolay - 10 aogositra

ASA: Aza manao reraka lotra fa izay tratin'ny aina ihany atao FITIAVANA: Tsy ampy azy ny fitiavana omenao azy,hany ka lasa mitady any an-kafa izy

Alakaosy 09 septambra - 08 oktobra

Mahaiza ianao manavaka ny tsara sy ny ratsy fa tsy oe rehefa asa dia atao foana

Alakarabo 11 aogositra - 08 septambra

Teneno azy dieny izao ny tsapanao sao ka efa eny am-pelatanan'ny hafa izy vao hanenina ianao

Adijady 09 oktobra - 07 novambra

ASA: Ho tsara ny tontolo andronao anio ka mahaiza mankafia tsara FITIAVANA: Mila maka rivotra any an-tany lavitra ianareo roa

Adalo 08 novambra - 06 desambra

ASA: Aza diso tia namana lotra ianao sao ka ny asanao ihany no ho alainy eo FITIAVANA: Mila matotra tsara ianareo rehefa miresaka

Alohotsy 07 desambra - 15 janoary

ASA: Aza menatra milaza ny hevitrao ianao raha misy manitikitika ny sainao FITIAVANA: Miezaha foanao ianareo roa mijery amin'lafiny tsara mba ham-pirindra tsara ny fiarahanao

Alahamady 16 janoary - 14 febroary

ASA: Mila fanomanana tsara ianao anio fa somary tototy ny asa FITIAVANA: Aza atao sakana ny zava-nisy fa tiavo foana izy


Adaoro 15 febroary - 15 martsa

Aza asiana fotoana very mihintsy fa mitsangana ianao ary manaova zavatra

Adizaoza 16 martsa - 14 aprily

Aza kivy oe ireny ianao fa tsy misy olona very anjara izany

**TONDRO-TENY**




Valin'ny tondro-teny omaly

N A M A N A  
O • I T A F  
V I • O N I  
A L O N A •  
N A N O L O  
A N A • A R  
O I R A • A

**TENY MIRANDRANA Lah. 7841**

Ahidiro amin'izay tandrify azy ireto teny ireto dia ho mora aminao ny mamaky izany mitsangana sy mitsivalana :

- |       |        |         |           |            |
|-------|--------|---------|-----------|------------|
| ISAO  | ISANI  | INOAKO  | LOVIANI   | ORINASANI  |
| LAVA  | RIRANI | MITOHI  | TARATASI  | SAOSISINAI |
| VANO  | ARIARI | TSIRONI | NITSORAKA |            |
| VATSI | OSINAO | NANDALO | SAFIDINAO |            |



**KAKURO 815**

	11	45		30	15	14		20	8	11	30
3			17	6				14			
39							29				
	39								7		
3	1		36	5		26	33				
45										38	16
	19	6			21	10		23	13		
23							21				
7				35							10
41				18						17	6
	15	5			15			23			
17						20					7
44						16				5	
3			35							15	


Fenoy tarehi-marika 1 hatramin'ny 9 ny faritra fotsy. Kajio hanome ny tambatra (ankavia ho an'ny mitsivalana, ambony ho an'ny mitsangana) ny fitambarany. Tsy maintsy samihafa ny tarehi-marika ho an'ny tambatra iray. Efa misy toro-dalana napetraka ahafahana manomboka ny lalao.

**MAHASOA**

Mba hanajanonana ny manotika amin'ny kibo ary dia manaova dite amin'ny oditra citron ireny, aza adino ny manasa azy tsara alohan'ny hikarakarana azy.

**AMPITENENO NY BANGA**

Fenoy ny banga dia hisy teny hivoaka amin'izany



Valin'ny lalao omaly : NIFANENA + SEDRAINA + AHOSORY = ANDRASO

**R E S A K ' H E H Y**  
Mijery lehilahy mikasa ny hanambady ny zanany vavy ramatoa Rasoa ka hoy izy.  
- Tena manam-bitana tokoa ianao, andriamatoa raha manambady io zanako io.  
- Izany ve, hoy ilay ramose. Fa inona no mahatonga anao hieritreritra izany madama.  
- Ianao tsinona no faha-13 amin'ny olona maka vady azy.



# Andron'ny Zandarimariam-Pirenena

(Sary Ariel)



Fihetsika ataon'ny zandary rehefa misambotra jiolahy.



Jeneraly Andriantsarafara Rakotondrazaka, Minisitry Delege misahana ny Zandarimaria.



Fampisehoana ataon'ireo zandary avy amin'ny vondron-kery misahana andraikitra manokana (C.F.S) Ivato izay ahitana ny GSIS.



Toy izao indray ireo zandary rehefa miditra an-tsehatra manenjika ny jiolahy mpaka an-k'eriny.



Rehefa misy ny fizahana ifotony ataon'ny " Police judiciaire " eny amin'ny toerana misy ny tranga hanaovana fanadihadiana ifotony.



Tonga nanome voninahitra ny andron'ny zandarimaria ireto manamboninahitra jeneraly, sy olom-panjakana ambony eto amin'ny firenena ireto.



Ireo Zandary miatrana eny an-kianja.



Ramatoa Seheny Rakotondrazaka filohan'ny FIVAZA.



Tao amin'ny kianjan'ny Barea no toerana nanamarihana ny andron'ny zandarimariam-pirenena.

## Antsohihy

Taksibrosy nivadika,  
3 mianaka naratra

Ilay fiara trà-doza !

Fiara sprinter manao zotra mampitohy an'Antsohihy sy Mampikony indray no trà-doza tao Bazar be- Antsohihy omaly tokony ho tamin'ny 12 ora antoandro. Raha ny fanazavàna azo dia teo am-piakarana ilay fiara tamin'io no nihemotra tampoka ka nidofotra tamin'ny tambohon'olona, izay nandrodana izany mihitsy. Nivadika ihany koa ilay fiara avy eo. Vokany, rava ilay tamboho ary olona telo mianaka tao anatin'ilay fiara no naratra. Nisy fahasimbàna ihany koa ilay fiara. Zazakely iray no fantatra fa tena voa mafy tamin'ireo naratra. Efa samy nalefa namonjy hopitaly avokoa moa ireo naratra ireo. Tonga nijery ifotony ny zav-nitranga teny an-toerana ihany koa ny mpitandro filaminana ka efa mandeha ny fanadihadiana. Olana ara-teknika tamin'ilay fiara no voalaza fa antony nahatonga ny loza. Mila mitandrina foana ihany ireo mpitondra fiara indrindra fa ireo fiara manao fitateram-bahoaka satria ain'olona maro no entiny.

R.C

## Sambava

Zazakely 9 volana latsaka  
tao anaty rano

Raha niampita tetezana iny ity zazakely ity, izay teny an-troan-dReniny no votsotra tampoka ary latsaka tany anaty rano. Niezaka nanavotra azy ihany ilay reniny fa tsy azony intsony fa nentin'ny rano nilentika ilay zaza. Vao sivy volana monja ilay zazakely ka tsy afaka nanavo-tena akory. Nigogogo nitomany sady niantso vonjy haingana tamin'ny manodidina izy tamin'io tsy fahitana an-janany io ka taitra avokoa ny rehetra raha nandre izany. Tao Antanifotsy-Ambohitrakongona any Sambava no nitrangan'izany ny Alahady lasa teo. Nifanome tanana tamin'ny fikarohana ilay zaza avy hatrany ireo rehetra nanatrika teo saingy hatramin'ny fotoana nahazoana ny vaovao dia voalaza fa mbola tsy hita. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana ihany koa moa ny raharaha amin'izao ka mandeha ny fanadihadiana. Nisy mantsy no nilaza fa nisotroso ilay ramatoa renin'ilay zaza tamin'io ka mety ho tsy voatazona tsara ilay zanany ka izay no nampilatsaka azy. Ny fanadihadiana ataon'ny mpitandro filaminana moa no hahalalana ny tena marina mahakasika izany.

R.C

## Fitombon'ny harin-karena

## Manaraka ny fironan'ny aty Afrika Subsaharienne

Mety hampiova ny vina-  
vina ara-toekarena ny  
fiantraikan'ny dona avy  
any Ivelany.

Namoaka tatitra mikasika ny fivoaran'ny harin-karena aty amin'ny faritra Afrika Subsaharienne ny Banky Iraisam-pirenena. Araka io tatitra io dia tomanana hiakatra 3,4 isanjato amin'ny ankapobeny ny fitombon'ny harin-karena ao anatin'io faritra Afrika io amin'ity taona 2024 ity raha mbola vinavinaina hitohy hiakatra any amin'ny 3,8 isanjato izany amin'ny taona 2025 raha toa ka niainga tany amin'ny 2,6 isanjato tamin'ny taon-dasa. Raha dinihina ny voafaritra ao anatin'ny lalànan'ny fitantambolam-panjakana dia mizotra manaraka ny an'i Afrika Subsaharienne ny fivoaran'ny fitombon'ny harin-karena eto Madagasikara. Raha niainga tany amin'ny 4 isanjato ny fitombon'ny harin-karena teto Madagasikara tamin'ny taona 2023 dia andrasana hiakatra 4,5 isanjato amin'ity taona ity, ary mbola vinavinaina hiakatra 5,6 isanjato amin'ny taona ho avy. Raha ho an'i Afrika Subsaharienne manokana dia nambaran'ny Banky



Mandray anjara mavitrika amin'ny fampitomboana ny harin-karena ny sehatra tsy miankina.

(Tahirin-tsary)

Iraisam-pirenena fa anisan'ny nahatonga io fiakarana io ny fitomboan'ny fanjifana tany amin'ny tsy miankina andaniny, ary ny fihemorany ny fison-drom-bidim-piainana ankilany. Raha ho an'i Madagasikara kosa dia nape-traky ny fanjakana fanamby hanatrarana io vinavina io ny fampiharana ny lalàna vaovao mikasika ny fampiasambola izay efa nankatoavina tamin'ny taona 2023, ny fanitsiana sy ny fanavaozana nentina tao anatin'ny fehezan-

dalàna momba ny harena ankibon'ny tany, ny fanavaozana tanteraka ny rafitra mifehy ny sehatra momba ny fifandraisan-davitra, ary ny famerenana indray ny fampiasam-bola sy ny fanesorana ireo ahiahy amin'ny alalan'ny fanatsarana ny fomba fijery ny zava-misy eo amin'ny sehatra nasionaly. Nomarihin'ny Banky Iraisam-pirenena anefa fa tsy ampy hampihenanana ny taha-ny fahantrana aty amin'ny faritra Afrika Subsaharienne io fitombon'

ny harin-karena io, ary mbola atahorana ihany koa ny mety ho fivoaran'ny toekarena eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, ny fitambesaran'ny trosa, ny fiverimberenan'ny loza, ary ny fitomboan'ny ady sy ny herisetra maneran-tany. Tsy afa-bela amin'ny mety ho fiantraikan'ny zava-misy iraisam-pirenena koa i Madagasikara raha tsy hilaza afa-tsy ny krizy tamin'ny « Covid-19 » sy ny adin'i Rosia sy Okraina fotsiny.

R. Muray

## Lalana mampitohy an'Ambilobe sy Vohémar

## Hisokatra amin'ny alakamisy ny tetezan' i Manankolagna

Nitadiavana vahaolana vonjimaika ny famerenana ny fifamoivoizana amin'ny lalam-pirenena RNS 5A, mampitohy an'Ambilobe sy Vohémar. Raha ny fampitam-baovao avy amin'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy dia hapetraka ao Manankolagna teboka kilometrika PK 99+000 ny tetezam-by hoentina mamerina indray ny fifamoivoizana. Efa tonga tany an-toerana omaly maraina ireo fitaovana sy ireo olona manatanteraka ny asa, ka vinavinaina hiverina amin'ny laoniny manomboka amin'ny alakamisy ny fifamoivoizana. Noho ny fahasarotan'ny lalana avy any Ambilobe dia voatery nentina sambo avy any Toamasina nihazo an'i Vohémar ireo fitaovana rehetra. Baikon'ny Filoham-pirenena malagasy rahateo taorian'ny fandalovan'ny rivo-doza Gamane tany amin'ny faritra Avaraty ny Nosy ny famerenana amin'ny laoniny ao anatin'ny fotoana fohy ny fifamoivoizana any amin'ireo



Asa fanamboarana ilay tetezam-by vonjimaika ao Manankolagna.

lalam-pirenena tra-pahavoazana. Anisan'ny paikady sy lamin'asa napetraky ny Minisiteran'ny Asa Vaventy tarihin'ny Minisitry Andriana-trehina Ndrimihaja Livah ny fandraisana fepetra vonji-

maika toy ny tamin'ny RNS 5A mandra-pahavita tantetraka ny fanamboarana ireo fotodrafitrasa simba. Efa mandeha koa ny fanarenana vonjimaika ny fahavoazana amin'ny lalam-pirenena fahe-

nina (RN 6), ka misy ny fame-trahana fivilian-dalana eo amin'ny PK 537+327 ho fanamorana ny fifamezivezena teo amin'ny tetezana Ifasy I sy II.

R. Muray